

**PERIKOPA ALAHADY 28 Jiona 2026**  
**(Péricope du Dimanche 28 Juin 2026)**

**Salamo / Psaume 89**  
**2 Mpanjaka / 2 Rois 4 : 8 - 16**  
**Romana / Romains 6 : 3 - 11**  
**Matio / Matthieu 10 : 37 - 42**

**« Izay mamonjy ny ainy no hahavery azy ary izay mahafoy ny ainy noho ny Amiko dia hahavonjy azy. »**

*« Celui qui veut garder sa vie la perdra. Celui qui perdra sa vie à cause de moi la retrouvera. »*

**Matio / Matthieu 10.39**

**SALAMO 89 (MRV)**

**Aiza ireo fanekena tamin'i Davida ?**

- 1 Ny famindrampon'NY TOMPO no hohiraiko mandrakariva; hatramin'ny taranaka fara aman-dimby no hampahafantaran'ny vavako ny fahamarinanao.
- 2 Fa hoy aho: Hotovonana mandrakizay ny famindrampo; ny fahamarinanao no hampitoerinao any an-danitra.
- 3 Efa nanao fanekena tamin'ny Voafidiko Aho; eny, efa nianiana tamin'i Davida mpanompoko Aho hoe:
- 4 Hampitoetra ny taranakao ho mandrakizay Aho ka hanangana ny sezafiandriananao hatramin'ny taranaka fara aman-dimby. Fiatoana.
- 5 Hidera ny fahagagana ataonao ny lanitra, TOMPO ô, ary eo amin'ny fivorian'ny masina koa ny fahamarinanao.
- 6 Fa iza any an-danitra no mitovy amin'NY TOMPO ? Ary iza amin'ny zanak'ireo andriamanitra no afa-mitaha amin'NY TOMPO ?
- 7 Andriamanitra mahatahotra indrindra eo amin'ny filankevitry'ireo masina ary hatahoran'izay rehetra manodidina Azy fatratra ?
- 8 RY TOMPO, Andriamanitra Tompon'izao rehetra izao ô, iza no mahery tahaka Anao, TOMPO ô ? Manodidina Anao ny fahamarinanao.
- 9 Ianao manapaka ny fisavoanan'ny ranomasina; raha manonja ny alondrano dia mampitsahatra azy Ianao.
- 10 Ianao no nanorotoro an'i Rahaba ho tahaka izay voavono; ny sandrinao mahery no nampielezanao ny fahavalonao.
- 11 Anao ny lanitra, anao koa ny tany; izao tontolo izao sy izay rehetra eo aminy, Ianao no nanorina azy.
- 12 Ny avaratra sy ny atsimo, Ianao no nahary azy; ny anaranao no ihobian'i Tabara sy i Hermona.
- 13 Manan-tsandry mahery Ianao; mahery ny tananao, misandratra ny tananao ankavanana.
- 14 Rariny sy fitsarana marina no fanorenan'ny sezafiandriananao; famindrampo sy fahamarinana no mialoha ny tavanao.
- 15 Sambatra izay firenena mahalala ny feo fihobiana ! TOMPO ô, amin'ny fahazavan'ny tavanao no andehany.
- 16 Ny anaranao no ifaliany mandrakariva ary ny fahamarinanao no isandratany.
- 17 Fa voninahitry ny heriny Ianao ary amin'ny fankasitrahanao no isandratany ny tandrokay.
- 18 Fa an'NY TOMPO ny ampinganay; an'ny Iray Masin'ny Israely ny mpanjakanay.
- 19 Tamin'izany ny olonao masina dia nilazanao tamin'ny fahitana hoe : Nametraka famonjena tamin'ny mpiady mahery iray Aho ary nanandratra zatovo iray teo amin'ny olona.
- 20 Nahita an'i Davida mpanompoko Aho; ny diloiloko masina no nanosorako azy.
- 21 Izy no hongan'ny tanako; eny, ny sandriko no hampahery azy.
- 22 Tsy hamitaka azy ny fahavalo ary tsy hampahory azy ny ratsy fanahy.
- 23 Fa handripaka ny fahavalony eo anoloany Aho sady hamely izay mankahala azy.
- 24 Ny fahamarinako sy ny famindrampoko no homba azy ary amin'ny anarako no hisandratany ny tandrony.
- 25 Dia hampitoetra ny tanany amin'ny ranomasina Aho ary ny tanany havanana amin'ny ony.
- 26 Izy hiantso Ahy hoe: Raiko Ianao, Andriamanitra sy vatolampin'ny famonjena ahy.
- 27 Izaho kosa hanao azy ho lahimatea ambony indrindra amin'ny mpanjakan'ny tany.
- 28 Hitahiry ny famindrampoko ho azy mandrakizay Aho ary ny fanekeko dia hampaharetiko aminy.
- 29 Hampaharitra ny taranany ho mandrakizay Aho ary ny sezafiandrianany dia ho tahaka ny faharetan'ny lanitra.
- 30 Raha mahafoy ny lalanako ny zanany ka tsy mandeha araka ny fitsipiko,
- 31 raha ny fitsipiko no hamavoiny ary ny didiko no tsy tandremamy,
- 32 dia hovaliko tsorakazo ny fahadisoany, ary hovaliko kapoka ny helony.
- 33 Kanefa ny famindrampoko tsy hofoanako aminy ary tsy havadiko ny fahamarinako;
- 34 tsy hivadihako ny fanekeko ary tsy hovako ny nolazain'ny molotro.
- 35 Iza zavatra iray loha izao no nianianako tamin'ny fahamasinako, tsy handainga amin'i Davida mihitsy Aho:

36 Ny taranany dia haharitra mandrakizay ary ny sezafiandrianany dia ho tahaka ny masoandro eo anatrehako.  
 37 Hampitoerina mandrakizay tahaka ny volana izy, tahaka ny vavolombelona marina any an-danitra.  
 38 Kanefa narianao sy nolavinao izy ! Tezitra tamin'ny Voahosotrao lanao !  
 39 Nofoananao ny fanekena tamin'ny mpanomponao; nolotoinao ny satroboninahiny ka narianao tamin'ny tany.  
 40 Noravanao ny fefiny rehetra; nosimbanao ny fiarovany mafy.  
 41 Izay rehetra mandalo eny an-dalana dia mandroba azy; tonga fandatsan'ny mpiaramonina aminy izy.  
 42 Nampisandratra ny tanana havanan'ny rafilahiny lanao ary nampifaly ny fahavalony rehetra.  
 43 Nampihemotra ny lelan'ny sabany lanao ka tsy nampaharitra azy tamin'ny ady.  
 44 Nampitsahatra ny voninahiny lanao ka nanongana ny sezafiandrianany ho amin'ny tany.  
 45 Nanafohy ny andron'ny fahatanorany lanao ary nanaron-kenatra azy.  
 46 Mandra-pahoviana, TOMPO ô? Hiery mandrakizay va lanao ? Hirehitra tahaka ny afo va ny fahatezeranao ?  
 47 Tsarovy ny hafohin'ny androko; toa zava-poana mihitsy ny namoronanao ny zanak'olombelona rehetra!  
 48 Iza no lehilahy ho velona ka tsy hahita fahafatesana fa hahavonjy ny tenany tsy ho azon'ny fitoeran'ny maty ?  
 49 Tompo ô, aiza ny famindramponao fahiny izay nianiananao tamin'i Davida tamin'ny fahamarinanao ?  
 50 Tompo ô, tsarovy ny latsa manjo ny mpanomponao; ny tratrako dia mivesatra ny firenena marobe,  
 51 dia ny nandatsan'ny fahavalonao, TOMPO ô, Eny, ny nandatsany ny dian'ny Voahosotrao !  
 52 Isaorana mandrakizay anie NY TOMPO ! Amena ! Eny, Amena !

### PSAUME 89 (PDV)

#### **Seigneur, où sont tes bienfaits d'autrefois ?**

*1 Enseignement d'Étan, l'Ezrahite.*

*2 Je chanterai toujours tes bienfaits, Seigneur, je ferai connaître ton amour de génération en génération.*  
*3 Oui, je le dis : ton amour existe pour toujours, ta fidélité est fixée solidement dans le ciel.*  
*4 Tu as dit : « J'ai fait alliance avec David, mon serviteur, c'est lui que j'ai choisi. Je lui ai promis ceci :*  
*5 Pour toujours, j'établirai comme roi un enfant de ta famille. Ainsi, je maintiendrai ton pouvoir royal de génération en génération. »*  
*6 Seigneur, dans l'assemblée du ciel, les anges te disent merci pour tes actions magnifiques et ta fidélité.*  
*7 En effet, là-haut, qui est égal au Seigneur ? Qui peut se comparer à lui parmi les dieux ?*  
*8 Dans l'assemblée des anges, tous tremblent de peur devant Dieu. Il est plus terrible que tous ceux qui l'entourent.*  
*9 Seigneur, Dieu de l'univers, qui est aussi fort que toi ? Seigneur, tu es toujours fidèle.*  
*10 C'est toi, le maître de la mer orgueilleuse. Quand ses vagues se soulèvent, c'est toi qui les calmes.*  
*11 Tu as tué Rahab et tu l'as écrasé. Par ta puissance, tu as chassé tes ennemis de tous côtés.*  
*12 Le ciel est à toi, la terre est à toi ! Le monde entier et tout ce qu'il contient, c'est toi qui l'as fait.*  
*13 C'est toi qui as créé le nord et le sud. Les montagnes du Tabor et de l'Hermon applaudissent ton nom.*  
*14 Ton bras est très fort, ta main est puissante, ta main droite est levée.*  
*15 Pour gouverner, tu t'appuies sur la justice et le respect des lois. Amour et fidélité marchent devant toi.*  
*16 Ils sont heureux, ceux qui savent crier de joie pour toi, Seigneur ! Ils avancent à la lumière de ton visage.*  
*17 En entendant ton nom, ils dansent de joie tous les jours. À cause de ta fidélité, ils se mettent debout.*  
*18 Oui, leur force glorieuse, c'est toi. Grâce à ton amour, nous relevons la tête.*  
*19 Le roi qui nous protège dépend du Seigneur, il dépend du Dieu saint d'Israël.*  
*20 Un jour, tu t'es montré à tes amis fidèles. Tu leur as dit : « J'ai aidé un homme courageux, j'ai mis en avant un jeune homme de mon peuple.*  
*21 J'ai trouvé David mon serviteur, j'ai versé mon huile sainte sur sa tête.*  
*22 Ma main le soutiendra solidement, et mon bras le rendra fort.*  
*23 « L'ennemi ne pourra pas le tromper, celui qui se révolte contre lui ne pourra pas l'écraser.*  
*24 Oui, je détruirai ses ennemis sous ses yeux, je frapperai ceux qui le détestent.*  
*25 Ma fidélité et mon amour seront avec lui, et grâce à moi, il sera vainqueur.*  
*26 Je lui donnerai autorité sur la mer et sur les fleuves.*  
*27 « Il me dira : "Tu es mon Père, tu es mon Dieu, le solide rocher qui me sauve !"*  
*28 « Et moi, je ferai de lui mon fils aîné, le plus grand des rois de la terre.*  
*29 Je lui garderai pour toujours mon amour, je respecterai fidèlement mon alliance.*

30 Pour toujours, j'établirai comme roi un enfant de sa famille, et son pouvoir royal durera aussi longtemps que le ciel.

31 « Si ses enfants ne suivent plus ma loi, s'ils ne tiennent pas compte de mes décisions,

32 s'ils désobéissent à mes ordres et ne respectent pas mes commandements,

33 avec un bâton, je punirai les révoltés, je les frapperai pour leur faute.

34 Pourtant, je ne leur retirerai pas mon amour, je ne serai pas infidèle à ma promesse.

35 Je ne briserai pas mon alliance, je tiendrai ce que j'ai promis.

36 Voici le serment que j'ai fait une fois pour toutes : non, je ne tromperai jamais David !

37 Les enfants de ses enfants seront rois pour toujours, son pouvoir royal durera aussi longtemps que le soleil.

38 Il durera aussi longtemps que la lune toujours présente, témoin fidèle derrière les nuages. »

39 Pourtant, tu as rejeté le roi que tu avais choisi, tu l'as méprisé, tu t'es mis en colère contre lui.

40 Tu as brisé l'alliance avec ton serviteur, tu as sali sa couronne en la jetant par terre.

41 Tu as cassé toutes ses barrières, tu as démolé ses murs de défense.

42 Tous les passants du chemin l'ont pillé, et ses voisins l'ont insulté.

43 Tu as donné la victoire à ses ennemis, tu as réjoui ses adversaires.

44 Tu as même retourné ses armes contre lui, tu ne l'as pas soutenu pendant le combat.

45 Tu lui as fait perdre son honneur, et tu as jeté par terre son siège royal.

46 Tu l'as rendu vieux avant l'âge, tu l'as couvert de honte.

47 Seigneur, est-ce que tu vas toujours te cacher ? Est-ce que tu seras toujours brûlant de colère ? Jusqu'à quand ?

48 Souviens-toi : ma vie est courte. Est-ce que tu as créé les humains pour les faire disparaître ?

49 Qui peut vivre sans mourir un jour ? Qui peut échapper au monde des morts ?

50 Seigneur, où sont tes bienfaits d'autrefois ? Où sont les promesses que toi, le Dieu fidèle, tu as faites à David ?

51 Seigneur, souviens-toi de tes serviteurs qu'on insulte, de tout ce peuple qui m'est confié.

52 Seigneur, tes ennemis ont insulté le roi que tu as choisi, ils ont craché sur ses pas.

53 Merci au Seigneur pour toujours ! Oui, oui, qu'il en soit ainsi !

## **2 MPANJAKA 4 : 8 - 16 (MRV)**

### **I Elisa sy ilay vehivavy sonemita**

8 Indray andro i Elisa dia nankany Sonema. Nisy vehivavy mpanankarena iray tao izay nanery azy hisakafo. Isaky ny mandalo izy dia nivily nankao aminy hisakafo.

9 Ary hoy Ravehivavy tamin'ny vadiny: Indro, fantatro fa olona masina sady lehilahin'Andriamanitra ilay lehilahy mpandalo eto amintsika mandrakariva iny.

10 Miangavy anao aho, andeha isika hanao efitrano kely ambony rihana; hasiantsika fandriana sy latabatra ary seza sy fitoeran-jiro ho azy ao, koa rehefa tonga eto amintsika izy dia ao no hipetraka.

11 Indray andro, tonga tao i Elisa ka nipetraka tao amin'ilay efitrano ambony ary nandry tao.

12 Ary hoy izy tamin'i Gehazy zatovony: Antsoy ilay Sonemita. Rehefa nantsoiny Ravehivavy dia nitsangana teo anatrehany.

13 Hoy i Elisa tamin'i Gehazy: Mba lazao amin-dRavehivavy hoe: Indro, efa niahy anay tamin'izao fikarakarana rehetra izao ianao, koa inona kosa no mba hatao ho anao? Tianao holazaina amin'ny mpanjaka va ianao, na amin'ny lehiben'ny miaramila? Dia namaly Ravehivavy hoe: Mitoetra aty amin'ny fireneko aho.

14 Ary hoy i Elisa: Fa inona ary no hatao ho anao? Dia namaly i Gehazy hoe: Tsy hitanao va fa tsy manan-janaka izy, sady efa antitra ny lahy ?

15 Ary hoy i Elisa: Antsoy ary izy. Ary nony nantsoiny izy dia nitsangana teo am-baravarana.

16 Dia hoy izy: Amin'ny fotoana toy izao, amin'ny herintaona, dia hitroto zazalahy ianao. Nefa hoy Ravehivavy: Tsia, tompokolahy, lehilahin'Andriamanitra! Aza mandainga amin'ny mpanompovavinao!

## **2 Rois 4 : 8 - 16 (PDV)**

### **Élisée chez une femme du village de Chounem**

8 Un jour, Élisée passe à Chounem. Une femme riche habite à cet endroit. Elle demande avec insistance à Élisée de venir manger chez elle. C'est pourquoi, depuis ce jour-là, chaque fois qu'Élisée passe par Chounem, il va manger chez elle.

9 Cette femme dit à son mari : « Écoute, je le sais, l'homme de Dieu qui vient toujours chez nous est vraiment un homme de Dieu.

10 Il faut lui construire une petite chambre sur la terrasse. Nous allons mettre pour lui un lit, une table, un siège et une lampe. Il pourra loger là quand il viendra chez nous. »

11 Un jour, Élisée vient chez eux. Il monte en haut dans la chambre pour se coucher.

12 Ensuite il dit à son serviteur Guéhazi : « Appelle cette femme qui nous accueille. » Guéhazi va la chercher, et elle arrive devant la chambre.

13 Élisée demande à Guéhazi de lui dire ceci : « Tu t'es donné beaucoup de mal pour nous. Qu'est-ce que nous pouvons faire pour toi ? Est-ce qu'il faut parler pour toi au roi ou au chef de l'armée ? » La femme répond : « Non, merci. Je vis au milieu de mon peuple et je ne manque de rien. »

14 Puis il dit à son serviteur Guéhazi : « Qu'est-ce que nous pouvons faire pour cette femme ? » Le serviteur répond : « Malheureusement, elle n'a pas de fils, et son mari est vieux. »

15 Élisée lui dit : « Appelle-la ! » Guéhazi l'appelle, et elle vient devant la porte.

16 Élisée lui dit : « L'an prochain, à la même époque, tu porteras un fils dans tes bras. » Mais elle dit : « Ce n'est pas possible ! Toi qui es un homme de Dieu, ne me mens pas. »

### **ROMANA 6 : 3 - 11 (MRV)**

3 Tsy fantatrareo va fa na iza na iza isika no efa natao batisa ho amin'i Kristy Jesosy dia natao batisa ho amin'ny fahafatesany ?

4 Koa tamin'ny batisa dia niara-nalevina Taminy ho amin'ny fahafatesana isika, mba ho tahaka ny nananganana an'i Kristy tamin'ny maty tamin'ny voninahitry ny Ray no handehanantsika kosa amin'ny fiainam-baovao.

5 Fa raha nampiraisina aina Taminy tamin'ny fahafatesana toy izany isika, dia ho tahaka izany koa amin'ny fitsanganany;

6 fa fantatsika fa ny maha olona antsika taloha dia niaraka nohomboana Taminy mba tsy hampanan-kery ny tenan'ny ota, koa tsy ho andevozin'ny ota intsony isika.

7 Fa izay efa maty dia nohamarinina ka afaka amin'ny ota.

8 Koa raha miara-maty amin'i Kristy isika dia mino fa hiara-belona Aminy koa;

9 fantatsika mantsy fa rehefa nitsangana tamin'ny maty Kristy dia tsy maty intsony lzy; tsy manan-kery Aminy intsony ny fahafatesana.

10 Ny amin'ny nahafatesany dia maty indray mandeha ny amin'ny ota lzy; fa ny amin'ny ahavelomany kosa dia velona ho an'Andriamanitra lzy.

11 Ary aoka ho tahaka izany koa ianareo, ataovy ho efa maty ny amin'ny ota ny tenanareo fa velona ho an'Andriamanitra ao amin'i Kristy Jesosy kosa.

### **ROMAINS 6 : 3 - 11 (PDV)**

3 Vous le savez bien : notre baptême, en nous unissant au Christ Jésus, nous a tous unis à sa mort.

4 Donc, par le baptême, nous avons été plongés avec lui dans la mort. Mais la puissance glorieuse du Père a réveillé le Christ de la mort, pour que, nous aussi, nous vivions d'une vie nouvelle.

5 En effet, nous avons été totalement unis à lui au moment où nous sommes morts avec lui. De même, nous serons unis à lui en nous levant comme lui de la mort.

6 Comprenons bien ceci : ce que nous étions avant a été cloué sur la croix avec le Christ. Alors le péché qui fait partie de nous-mêmes est détruit, et nous ne sommes plus esclaves du péché.

7 Oui, celui qui est mort est libéré du péché.

8 Mais si nous sommes morts avec le Christ, nous croyons que nous vivrons aussi avec lui.

9 Nous le savons bien : depuis que le Christ s'est réveillé de la mort, il ne doit plus mourir, la mort n'a plus de pouvoir sur lui.

10 Le Christ est mort, et sa mort l'a séparé totalement du péché, une fois pour toutes. Maintenant il est vivant, et sa vie est toute entière pour Dieu.

11 De même, vous aussi, vous devez penser ceci : vous êtes morts en étant totalement séparés du péché, mais, en étant unis à Jésus-Christ, vous êtes vivants pour Dieu.

## MATIO 10 : 37 - 42 (MRV)

### **Ny fifikirana amin'i Jesosy**

37 Izay tia ray na reny mihoatra noho ny fitiavany Ahy dia tsy mendrika Ahy ary izay tia ny zanany lahy na ny zanany vavy mihoatra noho ny fitiavany Ahy dia tsy mendrika Ahy.

38 Izay tsy mitondra ny hazofijaliany ka tsy manaraka Ahy dia tsy mendrika Ahy.

39 Izay mamonjy ny ainy no hahavery azy ary izay mahafofy ny ainy noho ny Amiko dia hahavonjy azy.

### **Izay mandray anareo dia mandray Ahy**

40 Izay mandray anareo dia mandray Ahy; ary izay mandray Ahy dia mandray izay naniraka Ahy.

41 Izay mandray mpaminany, satria mpaminany izy, dia handray ny valim-pitian'ny mpaminany; ary izay mandray olona marina, satria olona marina izy, dia handray ny valim-pitian'ny olona marina.

42 Ary na zovy na zovy no manome rano mangatsiaka na dia eran'ny kaopy ihany aza hosotroin'ny iray amin'ireo madinika ireo, satria mpianatra izy, dia lazaiko aminareo marina tokoa fa tsy ho very ny valim-pitiany.

## MATTHIEU 10 : 37 - 42 (PDV)

### ***Les disciples doivent être prêts à donner leur vie comme Jésus***

37 « *Celui qui aime son père ou sa mère plus que moi n'est pas digne de moi. Celui qui aime son fils ou sa fille plus que moi n'est pas digne de moi.*

38 *Celui qui ne prend pas sa croix et qui ne me suit pas, celui-là n'est pas digne de moi.*

39 *Celui qui veut garder sa vie la perdra. Celui qui perdra sa vie à cause de moi la retrouvera. »*

### ***Si quelqu'un reçoit les disciples, c'est Jésus qu'il reçoit***

40 « *Si quelqu'un vous reçoit, c'est moi qu'il reçoit. Et la personne qui me reçoit, reçoit aussi celui qui m'a envoyé.*

41 *Si quelqu'un reçoit un prophète parce que c'est un prophète, il aura la récompense qu'on donne à un prophète. Si quelqu'un reçoit une personne fidèle à Dieu parce qu'elle est fidèle, il aura la récompense qu'on donne à une personne fidèle. Je vous le dis, c'est la vérité :*

42 *si quelqu'un donne à boire un verre d'eau fraîche à l'un de ces petits parce que c'est mon disciple, il aura sûrement sa récompense. »*